Mpiandry raharaha

PHARMACIE DE GARDE
9/11/19 hatramin'ny 16/11/19

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) Tel 020 22 355 09 / 020 24 334 86 / 033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) Tel 020 22 224 26 / 020 22 699 19 / 034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) Tel. 020 22 255 50 / 033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) Tel 020 22 255 51
- **67HA** (Face Eglise Luthérienne) Tel 020 22 253 61

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY MATEX Imprimerie

Fametrahana 981-11-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

Repoblika Entim-bahoakan'i Chine

Hanampy amin'ny fanatsarana sy fampitomboana ny voka-bary

Hanampy amin'ny fanatsarana sy ny fampitomboana voka-bary eto amintsika ny sinoa. Noho izany, hampiditra masomboly vary safiotra « Wechu 902-3 » milanja 300 taonina ny orinasa sinoa Yuan's Madagascar. Notoloran'ny orinasa sinoa Yuan's Madagascar masomboly vary safiotra « Wechu 902-3 » milanja 300 taonina ny Governemanta Malagasy, ka 100 taonina amin'izany no efa tonga any Toamasina, sy azo ampiasaina amin'ity taom-pambolem-bary 2019-2020 ity. Haparitaka any amin'ny Faritra Alaotra, izay sompitr'i Madagasikara ny ampahany betsaka amin'ireo masomboly ireo, ary ny ambiny dia hozaraina amin' ny Faritra Analamanga sy ny Faritra Itasy, izay hanantanterahana ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny taom-pambolena 2019-2020 ny 16 novambra ho avy izao, ao amin'ny Kaominina Sarobaratra Ifanja. Ny 200 taonina ambiny amin'ity fanomezana masomboly vary safiotra ity dia ho tonga amin'ny taona ho avy. Ahazoana taham-bokatra hatrany amin'ny 8t/ha ny teknolojian'ny vary safiotra Sinoa, nosafidian'ny fanjakana malagasy hampiharina mba hanatratrarana ny fahavitan-tena ara-bary. Ny fampitomboana izay voka-bary izay dia miankina ihany koa amin'ny fisian' ny tanimbary ho volena, ka tsy tokony ho totofana ny tanimbary efa amokarana toy ny eny Ambohitrimanjaka sy ny manodidina.

Naina

Gare Routière Andohatapenaka

Nitokona ireo mpitatitra amin'ny zotra nasionaly

Nitokona ireo mpitatitra amin'ny zotra nasionaly amin'ny lalam-pirenena faha-6, sy faha-4 ary Voalohany omaly teny amin'ny Gare Routière na ny toeram-piantsonan'ny fiarakodia mpitatitra Maki Andohatapenaka. Navoakan'izy ireo ivelan'ny toby fiantsoanana ny fiara omaly. Raha ny filazan'ireo mpitatitra dia tsy mety amin'izy ireo ny fepetra napetraky ny mpitantana ny toby fiantsonana sy ny antokon-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety, na ny ATT. Anisan'ny fepetra vaovao ny hoe : foanana ny « soute » na ilay toerana namboarina manokana hametrahana entana ao ambany fiara ; ferana ho 15 kg ny entana azon'ny mpandeha iray entina ary tsy mihoatra ny 80 cm ny haavon'ny entana eny ambony fiara. Niray hina tamin'ireo namany nanao fitokonana tetsy Andohatapenaka ihany koa ireo mpitatitra amin'ny zotra nasionaly any Mahajanga, nitokona ko aizy ireo tao amin'ny Gare Routière Aranta.

Aly

Ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo

Nanome fanampiana 500 000 dolara ny Amerikanina

Nanome fanampiana ny Sampandraharahan'ny Firenena Mikambana momba ny Sakafo, ny Fanjakana amerikana, hikarakarana zaza miisa 15 550 tratry ny tsy fanjarian-tsakafo any atsimon'i Madagasikara. Maro ny olona tratry ny tsy fanjarian-tsakafo any amin'iny faritra iny. Miditra eo amin'ny vanimpotoanan'ny maitso ahitra ny faritra atsimon'i Madagasikara, ka mahakely ny sakafo azo hohanina. Hividianana sy hizarana famenon-tsakafo vita eto an-toerana ny vola mitentina 500 000 dolara amerikana fanampiana. Ity famatsiam-bola 500 000 dolara amerikana ity dia hampiasain'ny Sampandraharahan'ny Firenena Mikambana momba ny Sakafo (PAM), hividianana famenon-tsakafo 140 taonina efa vonona ampiasaina (RUSF). Ny RUSF dia famenon-tsakafo misy otrikaina mahavelona, ahitana vitamina sy mineraly. Omena ny olona marefo izy io hitsaboana na hisorohana ny tsy fanjarian-tsakafo. Orinasa eto an-toerana eto Antananarivo no ividianan'ny PAM ny RUSF.

Aly

Ireo famenon-tsakafo hozaraina any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 300



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0299)

Mitsivalana
- Santatra
- Omeo
- Kintana
- anio – Osy
- Tatitra
- Ony – Ko
- Aia – Zoma (Miv)

Mitsangana
- Sokatra
- Amina
- Nenitoa
- Totoin(a)
- Tia
- Tanor(a)
- Asako
- As – Zo (Miv)

TENY MIFANAPAKA N° 300



Mitsivalana

1. Firaisam-pianakaviana **2.** Trano fiantohana – Mpanondro **3.** Loka – Ao amin'ny teny **4.** Nitolona (BR) – Asio fonony (BL) **5.** Faritra **6.** Vizana – Fahita lavitra **7.** Aorianao **8.** Tompon'ny sambo fiara – Tsy lavitra **9.** Malaina – Mampisafidy **10.** Hitarafako (Miv)

Mitsangana

A. Sekolinao **B.** Matoky (BR) – Mamo tapany **D.** Lanitra mangamanga **E.** Azera – Anaty rano **F.** Taova – Mpanjaka **G.** Iray sy iray – Matoan-janaka (Miv) **H.** Niahy **I.** Solfa (Miv) – Karazana lasopy (Miv) – Mitsipaka (Miv) **J.** Nalentikay **K.** Heriny sy ny tanjany

Valiny Teny mifanapaka 0299

Mitsivalana

1. Fitaratra **2.** Anarana - La **3.** Naoty - Am (Ma) **4.** (A)li(na) - Atih (Hita) **5.** Siaka - Sav(a) **6.** Mody **7.** Nanontany **8.** Analo (Olana) **9.** Aretina **10.** Lio - Nanao

Mitsangana

A- Fantsona **B.** Ina - Anay **D.** Taolagnaro **E.** Artik(Kitra) - Elo(Miv) **F.** Ray - Ainot(Tonia) **G.** An(Na) - In **H.** Ta(ny) - Maina **I.** Ison(Nosy) - An(Na) **J.** Alahady **K.** Am - Sy - Afo